MESUPRES
Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

**FIFANINANA KISARY FAMANTARANA na LOGO**
**FAHA 50 TAONA NY FOFIFA**
**(Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra)**

Hankalaza ny faha-50 taona nijoroany ny FOFIFA mandritra ny taona 2024 ho avy izao. Koa fifaliana ho anay ny manasa izay rehetra manan-talenta mba handray ajara amin'ny **fifaninanana KISARY FAMANTARANA (LOGO)** hanamarihana izany.

Miompana amin'ny loha-hevitra : **FIKAROHANA SY FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHITRA**,.

## FEPETRA MAHAKASIKA NY FIFANINANANA

- Misokatra ho an'ny rehetra ny fifaninanana;
- Atao amin'ny teny Malagasy ofisialy;
- Maimaim-poana ny fifaninana;
- Azon'ny Komity atao ny mitondra fanatsarana amin'izay sangan'asa voafantina;
- Hahazo fankasitrahana izay mendrika ;
- Mijanona ho fananan'ny FOFIFA ny sangan'asa rehetra;
- Aseho sy ampiasaina mandritry ny fankalazana ny sangan'asa voafidy ;
- Kisary maneho ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny FOFIFA ;
- Loko ampiasaina dia loko mazava miaraka amin'ny **maintso** (loko amin'ny logo FOFIFA). Loko (3) fara fahabetsany, ary azo ampiasaina ihany koa ny mainty sy ny fotsy, Afaka mampiasa ny LOGO FOFIFA ihany koa ao antin'izany ;
- Malalaka ny endrika itondran'ny mpifaninana tsirairay.

## FOMBA FANDRASAINA ANJARA : FORMAT NUMERIQUE NA ANATY VALOPY

1) Apetraka anaty rohy www.fofifa.mg 50e anniversaire amin'ny format .jpg, .jpeg, png, **raha version numérique.**
   Mameno : anarana sy fanampin'anarana, laharana telefonina sy mail ary mandefa ny kisary ;

2) Atao anaty valopy kely mihidy ny momba ny mpandray anjara (Anarana sy fanampin'anarana, laharana telefonina sy mail raha misy ary adiresy sy ny fanazavana fohy momba ilay logo natao raha **version imprimée**.

- Atao amin'ny taratasy A4 matevina (imprimé ou manuscrit) iray tsy misy famantarana manokana ;
- Atao ao anaty valopy lehibe iray mihidy ny taratasy misy ny LOGO sy ny valopy kely momba ny mpandray anjara .

Adiresy hanaterana ny sangan'asa **raha aterina an-tanana:**

**FOFIFA DIRECTION GENERALE AMPANDRIANOMBY, ROUTE D'ANDRAISORO, ANTANANARIVO,**
**Asiana soratra hoe « FIFANINANANA KISARY FAMANTARANA NA LOGO »**

- Fe-potoana farany a,defasana na anaterana ny tolotra: **sabotsy faha 21 oktobra 2023**

Mankahery sy mampirisika antsika rehetra.

Raha misy fangataham-panazavana fanampiny, dia aza misalasala manatona ny Biraon'ny Komity ny fankalazana ny faha-50 taona.

**FIFANDRAISANA**

Atoa Celestin RANDRIANARIVONIZANDRINY : 0 34 14 950 32
Rtoa Lily RAPAOLY : 0 34 14 950 30
Rtoa Holy RAKOTOBE: 0 34 14 950 33